FENOARIVO 4

# FATIN-DEHILAHY NAHITANA RATRA, EFA NISY NOHANIN'NY ALIKA

7 MARINA IZANY !

## KIFONOFONO !

8 SECES SAMPANA ANTANANARIVO

## NANOHY NY "SIT IN" SY NY FITAKIANA


Gazetiko

www.gazetiko.mg


8 MIDI MADAGASIKARA

## NIARA-NIKORANA NOHO NY FAHA-40 TAONA


Laharana 7647 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 19 aogositra 2023


Tsaroako ilay"... 3

TAX (DA HOPP)



## NATAON'I ERNEST GONIM-BARY TEO AMBONY TATAMI

RAISSA RAZAIVOLA 7

# NIATRIKA FITSARANA VAOVAO INDRAY




ANDRY RAJOELINA 7

## TANY TOLIARA NITOKANA NY RN 9


APETRAHO AMIN'I
Siteny
Randrianasoloniaiko
NY FANONTANIANAREO
Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy









Taekwondo - Lalaon'ny Nosy 2023

# Voatendry ho mpitsara Randriamiandrisoa Nicolas

6 andro sisa dia higadona ny andro hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11. Ankoatra ny atleta, efa saika fantatra avokoa ireo mpitsara rehetra voatendry hitantana ny fifaninanana ho an'ireo taranja mandray anjara amin'izany. Ho an'ny haiady Taekwondo manokana, Miisa 6 izy ireo, izay sangany sy manana ny fahaiza-manao avokoa. An'isan'izany ilay Malagasy Randriamiandrisoa Nicolas, izay manana ny grady 6ème dan kukkiwon sady mpitsara no juge international. Tsy vahiny amin'ity tontolon'ity taranja ny tenany, izay efa voatendry nitsara fifaninanana Iraisam-pirenena maro. Tombony ho antsika rahateo ny fananana azy, izay tsy notazoniny ho azy irery izany fa nozarainy amin' ireo mpiray tanindrazana taminy. Ankoatra an'i Nicolas Randriamiandrisoa, an'isan' ny hitsara ny Lalaon'ny Nosy i Laban Frederiksen: 7ème dan kukkiwon, arbitre sady juge international, Technical Delegate sady chairman referee. Ao koa i Madadi Saeid : 5ème dan kukkiwon, arbitre sy juge international. Anisan'ny nahazo izany koa i Philippe Bernard: 7ème dan kukkiwon, juge international. I Sylvestre Yan Too Sang: 8ème dan kukkiwon, arbitre sy juge international ary Etienne Bernard : 4ème dan Kukkiwon, juge international.

Rabenaivo



**Anisan'ny voatendry hitsara ny Lalaon'ny Nosy i Nicolas Ragonz.**

Kitra - Amboaran'ny Filoha

# Hafana ny lalao famaranana



**Vonona hiady ny anaram-boninahitra ny ekipan'i Toamasina.**

*Fotoana hitsofan-drano ny Barean'i Madagasikara, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy ihany koa ity.*

Hotanterahana rahampitso etsy amin'ny kianja Barea Mahamasina, ny lalao famaranana, fiadiana ny amboaran' ny Filoha, eo amin'ny taranja baolina kitra. Araka ny efa fantatra, ny ekipa voafantin' Antananarivo sy Toamasina no hifandona amin'izany, lalao hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Andrasan' ny maro ity fihaonana ity satria efa mifankafantatra tsara izy ireto, izay efa niaraka tany anatin'ny vondrona, ka nisaraka ady sahala 1 no ho 1 tamin'izany. Hanotrona ity famaranana ity ny filoham-pirenena, izay hanolotra ny amboara iadivana. Maro ihany koa ny zavatra ho hita eny an-toerana mandritra ity andro ity, an'isan'izany ny fanomezana tso-drano ny Barean' i Madagasikara, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, izay hanomboka afaka herinandro. Miantso sy manentana ny rehetra ho tonga eny an-toerana ny mpikarakara satria dia zava-dehibe ny tsodrano omen''ny vahoaka ho an'ireto mahery fo ireto. Tsy hisy rahateo ny vidim-pidirana, saingy mila manaraka ny fandaminana ireo hoavy eny an-toerana mandritra izany. Hisokatra maraina ny vavahady, isorohana ny mety ho fitangoronana sy fisisihana eo amin'ny fidirana. Anio kosa no hanaovana ny lalao fiadian-toerana, hanomboka amin'ny 2ora sy sasany eny amin'ny kianja Elgeco plus by pass. Raha hiverenana ny mahakasika ilay lalao famaranana rahampitso, samy manana mpilalao sangany izy ireo, ka mbola sarotra ny hamantatra mialoha izay ho mpandresy. Ankoatra ireo ekipa mandrombaka ny anaram-boninahitra, samy hahazo ny anjarany avokoa ireo faritra enina nandray anjara.

Rabenaivo

Lalaon'ny Nosy 2023

# Fampahatsiahivana sy fampitahana ny lalao tamin'ny taona 1990 sy 2007 natao teto amin'ny firenentsika

Na dia mbola ao anatin'ny fivangovangoan'ny fako sy fahasimban'ny ankamaroan'ny làlana aza eto andrenivohitra amin'izao fotoana izao, dia efa mamofompofona fandraisana lalaon'ny nosy andiany faha-11, noho ny fisian'ireo haingo sy ny loko marevaka amin'ny toeram-pilalaovana ary saina isan-karazany, izay mihofahofa manemitra ny sisin'ny arabe. Raha ampitahaina sy ampatsiahivina ny nampiantranoan'ny firenentsika ny Lalaon'ny Nosy tamin'ny taona 1990 (andiany faha-3) sy ny 2007 (andiany faha-7), dia ity andiany faha-11 ity angamba no azo lazaina fa nisian'ny fikarakarana nahitana fitsikerana sy fitarainana betsaka indrindra avy tamin'ny federasionina maro, noho ny zava-mianjady tamin'ny mpilalao sy ny atletany. Efa nisy nandrahona fa hisintika mihitsy ny federasionina, tsy handray anjara amin'ny lalao. Noho ny fifampidinihina sy fitadiavana vaha olana anefa, dia niravona ihany ny disadisa satria voninahi-pirenena no arovana, na dia mbola handrenasampeo mitsitaitaika hafahafa ihany any ambadika any. Ankoatra ny lesoka, dia ity lalao andiany faha-11 ity no tsy nisy Tananan'ny Lalao (Village des Jeux), handraisana ny firenena mpifaninana, fa hampiantranoana any amin'ny hotely izy ireny amin'ity 2023 ity. Fampiantranoana no ataon'ny mpampiantrano, dia mba hisian'ny fifankatiavana sy fifandraisana ary fifaneraserana eo amin'ireo tanora aty amin'ny faritry ny Oseanina Indianina. Marihina fa raha ny fanapahan-kevitry ny mpikaraka ny lalao dia ny nosy Maldives no tokony handray an'ity andiany faha-11 ity. Noho ny valanaretina COVID tamin' ny taona 2019 anefa, dia nihemotra ny mpitondra fanjakana tany aminy ka ny Malagasy indray no mandray azy. Nanome toky ny mpitantana an'i Madagasikara fa atao raitra ny lalaon'ny nosy, ary mbola tsy misy ohatr' izany hatramin'ny nandraisantsika azy tao anatin'ny Repoblika roa samy hafa.

**Naverina ny beantitra "vétéran"**

Tamin'ny taona 1990 sy 2007 dia i Madagasikara hatrany no nitana ny laharana voalohany tamin'ny fandrombahana medaly volamena sy volafotsy ary alimo (1990 : volamena 56 / volafotsy 52 / alimo 47 ; 2007 : 100/79/56), taorinantsika i La Réunion (1990 : 47/46/47 ; 2007 : 74/78/74) - Maurice (1990 : 43/46/47 ; 2007 : 35/55/83) – Seychelles (1990 : 5/4/11 ; 2007 : 35/27/37) – Comores (1990 : 0/0/0/ ; 2007 : 01/06/14) – Maldives (1990 : 0/0/0 ; 2007 : 0/0/4) – Mayotte (2007 : 0/0/0/) . Amin'ity taona ity dia kelikely finoana ny ankamaroan'ny federasionina raha ny fandrombahana medaly volamena no ambara. Tsy araka ny nampanantenain'ny mpitondra fanjakana mantsy ny fanomanana sy ny fampivondronana natao tamin'ny mpilalao/atleta. Ho an'ny taranja sasany, toy ny atletisma dia mbola nantsoiny i Clarise Rasoarizay, hifaninana amin'ny "semi-marathon" satria tsy azony antoka ny atletany. Eo amin'ny hazakazaka ambisikileta ihany koa dia mbola handray anjara hatrany i Rakotondrasoa Jean de Dieu na Ravoatabia. Raha ampitahaina tamin'ny atleta sy mpilalao fahiny, niatrika ny lalaon'ny nosy hatramin'izay ny tanora amin'izao fotoana izao dia tsy misy misongadina firy intsony. Raha tsy ampatsiahy afa tsy ireo tamin'ny taranja vitsivitsy mba tsy ilazana hoe tsy misy mahavita ny vitany ankehitriny , toa andry Hanitra Rakotondrabe / Rosa Rakotozafy / Ony Paule Ratsimbazafy / Monica Rahanitriniriana / Lalao Robine Ravaonirina / Mahatana Jean de La Croix / Rabenala Toussaint... (atletisma), Heritovo Rakotomanga (ady totohondry) , Dally Randriantefy (tenisy)...

aris rafaly


A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

Siteny Randrianasoloniaiko

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

## Tsaroako ilay"...

Tax (Da hopp)

# Nataon'i Me Ernest gonim-bary teo ambony tatami

*Mankalaza ny 50 taona nahaterahan'ny rap ireo mpiangaly izany manerantany. Ho antsika eto Madagasikara, misy ny hetsika " Literatiora ve ny rap ", eny amin'ny Le Park Bamasoandro Itaosy anio tolakandro. Efa noresahintsika teto io, fa anio kosa ato anatin'ny Tsaroako ilay, dia i Tax, anisan'ny nitondra avo ny rap teto amintsika no hitantara ny fahatsiarovany :*

**Dada : midina teny fa mahamenatr'olona**

Anisan'ny fahatsiarovany tamin'ny fahazazany : « *Tadidiko kely ihany satria zavatra vaovao tamiko, mbola namafisin'ny dadako ihany taty aorina. Ny Dadako dia mpitendry mozika ary mpilalao tantara an-tsehatra. Nijery azy izahay tao amin'ny tranom - pokonolona Isotry. Mbola notrotroin'i Mamanay aho, nijery fampisehoan-dry Dada, niaraka tamin-dry Henri Ratsimbazafy, Olivier Ratsimbazafy ireny. Hitako avy lavitra i Dada eo ambony lapihazo, sondriana milalao tsara. Izaho notrotrona tao ary avy dia tonga izaho nivazavaza mafy hoe : Dada, midina teo fa mamenatr' olona ! Ny Dadako ndray hono no menatra* », hoy ny fitantarany.

**Nataon'i Maître gonim-bary teo ambony tatami**




Nanamarika azy teo amin'ny fampiarana ny resaka fanatanjahantena. Indray mandeha tany amin'ny fampinarana Judo ity tantara iray eto ity. Fony izy niofana tamin'i Maitre Ernest tamin'izany. Fanaon'ity mpampianatra ity ny miteny hoe : « *izay miresaka sy mitabataba eo dia alaiko ho partenaire d'entrainement* ». Ilay namany izay mpiara-mikatroka aminy anefa mbola be resaka be. Noteneniny ilay namany hoe : « *magina fa tratra eo ialahy* ». Kinajo tratran'i Maitre izy niteny an'izay, dia ohatran'ny hoe izy no nitabataba. « *Indro aho lasa gonim-bary tamin'izay teo ambony tatami. Fa fay!!!!* ». Tao amin'ny Esca ny toerana, mbola mpianatra teo amin'ny 12 taona teo ho eo angamba izaho tamin'izay.

**Nahateny ratsy teo imason'ny mpijery**

Tamin'ny 2010 tany ho any no nitrangan'ity tantara iray mahatsikaiky ity. Nanentana fandaharana tamin'ny televiziona tsy miankina iray ny lehilahy. Toa izao ny fitantarany : « *nisy fandaharana noforonina tao amina fahita lavitra iray. Fandaharana iray antsoina hoe : « pré-morning ». Tonga ny fotoana, tonga dia sady pilote (handrana), nefa sady avy dia mivantana ilay fandaharana. Ny tena sady kevoka be no mbola manandrana ka misy ny zavatra adino na tsy mety foana. Nahateny ratsy aho teo ampanaovana fandaharana. Soa fa mbola tsy nalaza ilay fandarahana tamin'izay* ».

**Nitondra an-dRaboussa ho any Mahajanga**

Teo amin'ny faha-20 taonany teo no nisehoan'ity tranga iray ity. Toa izao ny fitantarany : « *I Raboussa no nampatsiahy an'ity tantara ity fa tsy tena tadidiko tsara. Tamin'ny 1998, nolazain-dRaboussa ny dadany fa ho entinay (da hopp) any Mahajanga izy. Dia tonga teo Antanimbarinandriana i Raboussa sy ny dadany, hanatitra azy. Teny alavitra hono i Raboussa miteny sy nanoro ny dadany hoe : hitan i dada io Ratax io, io no hitondra ahyany Mahajanga. Dia nilamina ny sain'i Dadan'i Raboussa. Soa ihay fa tsy nisy olana na kely aza. Hoy aho taty aorina be : Hay ialahy tena nampidi-kizo ahy an !* ».

**Nangonin'i Fy**

Kolontsaina malagasy

# Hiverina hisokatra ny sekoly fianarana fanorona ao amin'ny IKM

Anisan'ny kilalaon-tsaina malagasy hatry ny ela ny lalao fanorona. Mitady ho takon'ny kilalao vahiny izy io amin'izao fotoana izao noho ny firoborobon'ny teknolojia vaovao sy ireo kilalao vahiny maro samihafa any anaty tambajotran-tserasera any. Miezaka mampahafantatra ity lalao traniainy ity amin'ny fomba maro ny vovonampirenena malagasy eo amin'ny lalao fanorona saingy hatreto aloha dia miasa irery ireo noho ny tsy fahampian'ny mpanohana. Na izany aza dia soa ihany fa misy ireo ivon-toerana tsy miankina manandratra ny kolontsaina malagasy ireny manampy azy ireo ka anisan'izany ny Ivokolontsaina Malagasy na ny IKM etsy Antsahavola. Haverina ao an-toerana tsy ho ela indray mantsy ny sekoly fianarana fanorona ao antoerana. Efa mipetraka ny rafitra rehetra ka tsy fampianarana fanorona amin'ny maha lalao azy fotsiny no hianarana fa eo ihany koa ny tantarany sy ny lanjany eo amin'ny fiarahamonina. Araka ny fanazavan'i Jean Marie Lalao izay nirotsaka ho isan'ny mpampianatra voaloahany ity lalao fanorona ity dia misy hifandraisany amin'ny literatiora sy ny filozofia ary ny kolontsaina malagasy ny lalao fanorona ny zavamiafina mirafitra aminy. "*Tanjona ny mba hiparitahan'ny taranja sy ho fampahafantarana ny fanorona ho an'ny Malagasy rehetra tsy ampiofana azy ireo mba ahay fotsiny fa ho tena tia sy hiaro ny hasiny*". Raha ny fanazavana hatrany dia isaky ny asabotsy no misokatra ho an'ny rehetra ity sekolin'ny fanorona ity ary etsy amin'ny IKM ihany no hanatanterahana azy. Misokatra ho an'ny sokajintaona rehetra ary misokatra ho an'ireo efa mahay na mbola vao hanomboka mianatra mihitsy. Entanina araka izany ny rehetra mba hisoratra anarana dien'izao ao amin'ny IKM Antsahavola ho an'ny fiarovana ny kolontsaina malagasy.



**Hitondra ny traikefany i Jean Mari Lalao.**

**Tiaray R**

## Ho anao Ramatoa

### Fomba fikolokoloana voninkazo

*Efa anaty ririnina tanteraka isika ka mila fikarakarana manokana ny voninkazo izay tena mizaka ny tsy eran'ny ainy mihitsy. Singanina manokana ny voninkazo an-trano. Toy izao ny toromarika vitsivitsy mahakasika izany.*

**Fomba fanadiovana ny raviny**

Maka éponge dia asiana rano (ny tena tsara rano amin'ny tavoahangy satria ny rano amin'ny paompy be calcaire izay tsy zakan'ny voninkazo rehefa ririnina), kosehina malefaka. Mety ihany koa raha labiera kely no hikosehana ny raviny ka amin'ny alalan'ny « pinceau » indray.

**Asiana hazavana malefaka**

Tsy atao amin'ny toerana maloka kanefa tsy apetraka amin'ny toerana mazava ihany koa. Ny tena mety amin'ny ririnina dia atao ambany jiro takotakona ka sady mitondra hafanana iny no mitondra hazavana.

**Fomba fanondraka**

Rehefa maina ny tany misy ireo voninkazo vao tondrahana fa tsy azo atao be rano rehefa ririnina. Tsapao mihitsy hoe maina ny tany vao atao izany. Rehefa maraina ny andro no manondraka ihany koa.

**Nangonin'i Tanya**

ADR Andriann

## Namoaka hira vaovao : " Ianao "



**I ADR Andriann.**

Efa elaela izay no tsy nahenoana an'i ADR Andriann, amin'izao dia mitondra vokatra vaovao be ho an'ny mpankafy indray izy izay efa miparitaka any anaty tambanjotra an-tserasera any. Vao namoaka hira iray vaovao mitondra ny lohateny hoe : « ianao » izy. Hirampitiviavana milamindamina izy io ary tsy miala amin'ireo gadona efa nahalalana azy hatramin'izay ihany koa. Nohirainy manokana moa ity hira ity fa tsy niarahany tamin'i Kougar toy izay mahazatra ny olona, tsy midika anefa izay fa misy olana eo amin'izy ireo fa safidy tsotra fotsiny ny handeha irery amin'ity hira ity. Misy hatrany rahateo ny fiaraha-miasa eo amin'izy roa tamin'ny fanatanterahana izany hira izany. Ankoatra an'io hira vaovao io, dia manome fotoana ho an'ny mpankafy koa i ADR Andriann amin'ny sabotsy izao ao amin'ny No comment bar Isoraka, hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina ny fotoana amin'izany. Ao izany no handrenesana voalohany ity hira vaovao ity an-tsehatra, hohirainy eo koa ireo hira hafa efa nahafantarana azy hatramin'izay. Mandritra izany koa izy no hizara izay vaovao tsara ho fantatra rehetra amin'ireo mpankafy.

**Tanya.R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-14)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-13)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-13)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 621/5-1)

* Cours de vacances Anglais, Français, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 623/4-4)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 622/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 622/6-6)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 622/6-6)

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-9)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-3)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-2)

Fenoarivo

# Fatin-dehilahy nahitana ratra, efa nisy nohanin'ny alika

*Iray andro talohan'io nahitana ny razana io no efa maty ity rangahy ity.*

Lehilahy iray tokony ho 55 taona no hita faty teny amin'ny toerana antsoina hoe Soalandy ao amin'ny fokontany Ankadivoribe ao anatin' ny kaominina Fenoarivo distrikan'Antananarivo atsimondrano ny alatsinainy lasa teo. Nahitana ratra ivelany ny vatany satria nisy naratra teo amin'ny faritry ny molony ambony, mangana ihany koa ny masony havia. Raha ny fahitan'ny nanatri-maso ny razana ihany koa dia efa nisy faritra nohanin'ny alika tamin'ny sasany tamin'ny rantsan-tanany havanana. Olona teny an-toerana nahita ny razana no nampandre ny manodidina ka tonga maro nitangorona nijery ny zava-nitranga ny rehetra. Efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony nijery ny zava- nitranga ny zandary niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII. Nandritra ny fizahana nataon' izy ireo teny an-toerana no nahafantarana fa efa iray andro talohan'io nahitana ny razana io no efa maty ity rangahy ity. Tsy fantatra kosa anefa hatreto izay antony nitarika ny fahafatesany na nisy namono na zavatra hafa mihitsy no nanjo azy. Rehefa nahafantatra ny zava-nitranga ny fianakavian'ilay maty dia efa tonga nijery ny razana tany amin'ilay toerana nahitana azy io. Ary rehefa vita ny fizahana rehetra tokony natao dia natolotra ny fianakaviany ilay vatana mangatsiaka. Efa mandeha ny fanadihadiana.

T.H

Antsirabe

# Karandohan'olona mbola nisy rà maina hita teo am-bavavahady

Hatairana ny an'ny mponina tamin'ny fahitana ity karandohan'olona hita teo ambavavahadin'ny trano iray tao amin'ny fokontany Bemasoandro-Ambalakisoa any Antsirabe, afakomaly. Olona handeha hivarotra maraina no taitra raha nahita izany ka nampandre haingana ny mponina teo amin' ny manodidina sy ny tao amin'ilay trano. Ireo farany, izay tsy nahalala na inona na inona akory fa ny olona efa nikotaba tao am-bavahady vao taitra. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana. Raha ny fanazavana hatrany dia mbola nisy rà maina tamin'ilay karandohan'olona hita io. Tsy mbola fantatra mazava kosa anefa hatreto ny fomba nahatongavany teo amin'io toerana io na nisy nametraka teo na notaritarihan'ny alika. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

*Tsy fantatra mihintsy ny fomba nahantongavan'ilay izy teo hatreto.*

**Tranga hafa**

Fa mbola tany Antsirabe ihany dia tranga hafa ihany koa ity niseho omaly ity. Lehilahy iray tokony ho dimy amby enimpolo taona eo no hita faty teo anoloan'ny vavahadin'ny Katedraly ao Antsirabe omaly maraina. Raha ny fanazavana azo dia karazan'ireny olona mpatory an-dalana ireny izy ity. Araka izany dia tsy hay na vokatry ny hatsiaka na aretina no antony nahafaty azy. Voalaza fa vao haingana no nahitan' ny olona azy nirenireny tao an-toerana sy natory an-dàlana toy izao.

R.C

Vonoan'olona tany Betafo

# Telo lahy nidoboka any am-ponja

Taorian'ilay vonoan'olona nitranga tany Ambohipihaonana-Betafo ny alin'ny 13 Aogositra lasa teo, izay nahafatesana olona roa mpianaka, izay notaterina teto dia telo lahy no voasambotra voarohirohy tamin'izany. Samy niaiky ny heloka vitany avokoa izy ireo tamin'ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana azy ireo. Fantatra tamin' izany fa ady lova no fototry ny olana satria mpihavana ihany izy ireo. Niteraka disadisa teo amin'izy ireo izany ka izao tonga hatramin'ny famonoana azy mianaka ireto izao. Taorian'ny famotorana nataon' ny polisy izay nandray antanana ny raharaha dia natolotra ny Fampanoavana tao Antsirabe izy telo lahy ireo ka samy notanana vonjimaika any am-ponja avokoa miandry ny fotoam-pitsarana azy avy. Raha tsiahivina dia tany am-piandrasana voly tsaramaso tany an-tsaha no nisy namono izy mianaka, izay nodarohana tamin'ny "bois rond".

R.C

Ambohimangakely

# Kamiao nivarina tany an-tanimbary, olona roa naratra

Nisehoana lozam-pifamoivozana ny sasakalin'ny alarobia lasa teo teny amin'ny lalam-pirenena faharoa PK 17+500 teny Ambohimalaza. Kamiao iray no nivarina tany an-tanimbary tamin'io fotoana io ka olona roa tao anatiny no naratra vokatr'izany dia ny mpamily ny fiara 45 taona sy mpandeha iray 12 taona. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia avy any Ambohimangakely hihazo an'i Manjakandriana ity fiara be ity, somary nandeha mafimafy izy tamin'io ka rehefa tao anaty tanàna ary amin'ny lala-mahitsy no nivoaka ny lalana izy ary dia io nifatratra any an-tanimbary io. Voalaza hatrany fa noho ny fandehanana mafy sy tsy fitandreman'ny mpamily no nahatonga ny loza ka nandratra ireo olona roa ireo. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ilay kamiao. Rehefa nahafantatra ny zava- nitranga ny mpitandro filaminana dia tonga nanao fizahana ifotony tany amin'ilay toerana nisehoan'ny loza. Efa nentina namonjy hopitaly notsaboina ihany koa ireo naratra.

T.H

Ambatolampy

# Ramatoa maty notsatohan' ireo mpangalatra akoho ny antsy

Rehefa nahavita nandroba ireo akoho amam-borina tao ampisoko ireto olon-dratsy dia namono nahafaty ilay tompon' ireo biby fiompy ireo. Tranga izay niseho tao Ambondrona Est kaominina Belambo distrikan'Ambatolampy, ny alin'ny alarobia teo. Ramatoa iray sahabo ho 54 taona tompon-trano no maty tao anatin'izany asa ratsy izany. Voatsindrona antsy teo amin'ny tendany izy ary tsy tana ny ainy. Ireo akoho amam-borona kosa lasan'ireto tsy mataho-tody. Anisany voaroba tamin'io fotoana io ny akoho miisa 13, dokotra miisa 5, gana miisa 2, ary finday iray. « Tamin'ny alina no nisy mpangalatra roa niditra tao an-tranon'io ramatoa monina ao Antsahabe io. Raha ny fantatra dia sendra tsy teo an-toerana ny vadiny no nanararaotra nanao ilay halatra ireo roalahy ireo. Rehefa avy nandroba ny fananany ireo jiolahy dia namono nahafaty an'ilay renim-pianakaviana tompon-trano tamin'ny alalan'ny tsindron'antsy teo amin' ny tendany. Tsy mbola nisy voasambotra moa ireo olon-dratsy namono nahafaty olona ireo » : araka ny angom-baovao avy any antoerana.

**Karohina**

Taorian'ity tranga ity dia nampandre ny zandary ny fokonolona. Nidina teny an-toerana avy hatrany ireto mpitandro filaminana, nanao ny fitsirihina ifotony niaraka tamin'ny ben'ny tanàna Belambo sy ny Dokotera ary ny Sefo fokontany Ambondrona/Est. Mitohy ny fanadihadiana ny raharaha. Nentanina ihany koa ny mponina teo amin'ny manodidina mba hiambina amin' ny alina sy hanome vaovao ara-potoana raha misy asan-jiolahy miseho tampoka.

Ariel D.

## TATSY SY TAROA

**# Kamiao "semi-remorque" avy any Betroka ho any Toamasina, tratra nitondra rongony.** Nafangaron'izy ireo tamin'ny gony marobe feno voatsinefo ireo gony nisy rongony ireo. Efa niahiahy ny zandary ka rehefa nosokafana izany dia hita fa rongony daholo ny tao anatin' ilay gony miisa roa. Efa nogiazana ilay kamiao sy ny mpamily miaraka amin'ny mpamily mpanampy azy roalahy.

**# Mpirahalahy miady sy nifamira antsy** tao Ankopokilandy, fokontany Betainkilotra kaominina Berivotra 5/5, distrikan'i Maevatanana, ny alakamisy teo. Maty ny anankiray tamin'izy mirahalahy ireo. Araka ny vaovao voaray dia resaka ady vary no niatombohan'ny fifamaliana tamin'ireto mpiray tampo ireto. Tafatsoaka ilay namono nahafaty ary mbola tsy hita hatramin'izao. Karohina ilay nahavanon-doza.

Ariel D.

Gazetiko
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 238 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Lasopy au " pistou " vazaha

Zavatra ilaina : tsaramaso lena ½ kapoaka, tsaramaso maina ½ kapoaka, tsaramaso mena ½ kapoaka, korzety 1, karoty 2, ovy 6, voatabia 3, tongolo gasy 6, tongolo be 1, paty 250g, bazilika 3, menaka, fromazy 100g

Voasy ny ovy sy ny karoty dia teteho madinika. Torak'izay koa ny korzety ka ataovy anaty vilany. Raraho menaka sy bazilika, sira sy dipoavatra dia asio rano ka ampangotrahy. Rehefa nandrahoina 20 mn dia arotsahy ao ny tsaramaso rehetra dia andrahoy hatrany. Avy eo ny paty rehefa nandrahoina 1 ora eo. Maka ovy efa akaiky ho masaka dia potsero miaraka amin'ny tongolobe, voatabia, tongolo gasy, bazilika, menaka ary sira sy dipoavatra. Afangaro amin'ny lasopy rehetra io dia andrahoy ho malemy tsara. Rehefa haroso anaty lovia dia raraho fromazy. Hanina mafana fa tena mahasalama.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Feo




## Hatsikana an-tsary

Fetsy




### Masoandro Miposaka

**Ohabolana 3 : 21-23**

**Anaka, aoka tsy hiala amin'ny masonao izany; Raketo ny tena fahendrena sy ny fisainana mazava, ka dia ho ain'ny fanahinao izany Ary ho firavaky ny vozonao, dia handroso aman-toky ianao, Ka tsy ho tafintohina ny tongotrao.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny vy tsy mba mikotrana irery.**

Le fer ne résonne pas tout seul.

*Il faut être deux pour se quereller, se battre.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3027**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | | | 8 | | | |
| 8 | | 5 | | | 7 | | 9 | |
| | | 2 | | 1 | 3 | | | |
| | 4 | | | 9 | | 1 | 5 | |
| | 7 | | | 2 | | | | |
| 2 | | | | 4 | | 8 | | |
| | | | 5 | | | 2 | | 9 |
| 6 | | | | | | 4 | | |
| | | | | | | | | |

Valin'ny laharana **3026**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | 8 | 9 | 6 | 2 | 1 | 5 | 3 |
| 2 | 3 | 6 | 7 | 5 | 1 | 9 | 4 | 8 |
| 5 | 1 | 9 | 8 | 4 | 3 | 7 | 2 | 6 |
| 1 | 2 | 3 | 6 | 8 | 7 | 4 | 9 | 5 |
| 9 | 8 | 4 | 2 | 1 | 5 | 3 | 6 | 7 |
| 7 | 6 | 5 | 3 | 9 | 4 | 8 | 1 | 2 |
| 3 | 4 | 7 | 5 | 2 | 9 | 6 | 8 | 1 |
| 8 | 5 | 1 | 4 | 3 | 6 | 2 | 7 | 9 |
| 6 | 9 | 2 | 1 | 7 | 8 | 5 | 3 | 4 |

Raissa Razaivola

# Niatrika fitsarana vaovao indray

*Ampangain'ny tompon' andraikitra ao amin'ny fitsarana ho naniratsira sy nanala baraka azy ireo.*

Tamin'ny alakamisy lasa teo no niakatra fitsarana, tetsy Anosy indray i Raissa Razaivola. Vao maraina dia nanaitra ny mpandalo sy ireo olona nanan-draharaha teny amin'ny fitsarana Ny fihetsiky ny mpitandro filaminana nanakantsakana ny olona tsy hitangorona sy hanalavitra ny tribonaly. Hay ny antony, i Raissa Razaivola niatrika fitoriana vaovao indray. Araka ny loharanombaovao marim-pototra dia ampangain'ny tompon' andraikitra ao amin'ny fitsarana ho naniratsira sy nanala baraka azy ireo io renimpianakaviana io, nandritra ilay ampamoaka nataony, rehefa nivoaka ny efitrano fitsarana, tamin'ny 4 may lasa teo. Ny zava-nisy aloha dia tsy nisy nipika ny fizotry ny fitsarana. Andrasana arak'izany izay ho tohiny. Efa miresaka fitsarana ihany dia omaly no niatrika mpitsara ireo mpampianatra maherin' ny 10, nanomana laza adina bakalôrea izay nihiboka nandritra ny 40 andro. Tsiahivina fa notazonina vonjimaika any am-ponja izy ireo rehefa nampangaina ho nandritra ny fihibohana no ahiahiana ho nivoahan'ny laza adina mialoha ny fotoana. Fiampangana izay kianin'ny namany ho tsy mitombina fa natao kobay, hanafenana ny tambajotra matanjaka efa mpamoaka laza adina isantaona izy ireo. Andrasana izay ho vokatry ny fitsarana izay raha ny zava-nisy omaly dia nanahirana ny nitrandraka ny vaovao.

V.R.

## Marina izany !

### Kifonofono !

**Amin'ny mpanao pôlitika tsy mitovy firehana amin'ny mpitondra, tsy azo antoka ny haha fifidianana madio sy eken'ny rehetra ny ho tanterahina amin'ny 9 nôvambra, miainga amin'ny fanomana ataon'ny CENI. Antony, kifonfono no azo amintinana ny fomba fiasan'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana, manomboka amin'ny fanakanana ny kandida mpifaninana sy ny mpanohitra izay mpandray anjara feno tsy afaka hitsirika ny lisitry ny mpifidy. Ankoatra izay, kifonofono ihany koa no ataon'ny Vaomiera Manokana amin'ny rindram-baiko (logiciel) hampiasana amin'ny fifidianana na dia efa fotoana lava no nanaovan'ny mpanao pôlitika antso ny hanatanterahana izany. Rehefa tsy ireo no tanteraka dia tsy hisy velively ny fahatokisan'ny olom-pirenena ny fifidianana ho avy eo na dia izany aza no ambetin-dresaky ny filohan'io vaomiera io ombieny ombieny. Ny toky rahateo fitaka fa ny atao ro hita, hoy ny fitenenana. Mbola resaka hafa ny kifonofono manodidina ny vola hampiasaina hanatanterahana ny fifidianana. Hafa mantsy ny tarehi-marina notakian'ny vaomiera hahavitana ny fifidianana tany aloha ary nanaovana fanentanana manokana, ny mba handrotsahan'ireo firenena na fikambanana mpiaramiombon'antoka amintsika any ivelany vola ao anatin' ilay kaonty iombonana hamenoana ny banga. Ny fahafantaran'ny maro azy dia mbola tsy feno ilay vinavina. Antony mahatonga ny mpanao pôlitika sy ny olom-pirenena mametra-paniontaniana ny amin'ny hoe: Ampy ve ny hoenti-manana? Ohatrinona no efa vonona ? Heverina fa tokony hangarahara avokoa izany rehetra izany satria volam-bahoaka no tantanina ary tsy raharahan'olom-bitsy fa voakasiky ny fifidianana avokoa ny Malagasy rehetra!**

Voahangy Rakotozafy

Andry Rajoelina tany Toliara

# Nitokana ny lalam-pirenena faha-9



Vahoaka marobe no tonga nanotrona ny filoha Rajoelina tao Toliara.

Afaka ny fahasahiranan'ireo mponina amin'ireo tanana lalovan'ny RN9. Notokanan' ny filoha Andry Rajoelina omaly maraina tao Ankatsakatsa Toliara mantsy ny fahavitan'ny asa fanamboarana an'io lalana io izay mirefy 160 km. Tao anatin'ny fotoana nipariahan'ny valan' aretina Covid19 moa no nanombohana an'ity asa ity. Ny Banque Africaine de Développement (BAD) no namatsy vola ny fanamboarana izany. Niarahaba ny Filoha amin'ny maha tompondaka ny fanorenana fotodrafitrasa aty Afrika azy moa ny solotenan'ny BAD raha nandray fitenena. Raha natao adin'ny 8 teo ny lalana Toliara hatreo Bevoay teo aloha, dia adin'ny 3 eo ho eo no hanaovana izany amin' izao. Mampiafandray ny faritra Atsimo Andrefana sy ny faritra Menabe ny RN 9. Ankoatra izany nisy ny ihany koa fametrahana ny vato fototra manamarika ny fanamboarana ny tetezan'i Mangoky. Izy ity ny ho tetezana lava indrindra eto Madagasikara satria izay mirefy 878 metatra. « *Ny fampandrosoana ny firenena tsy mijanona. Ny fitondrana am-bavaka ny firenena tsy mijanona ihany koa. Raha vao omaly izaho sy ny vady aman-janako no nihaona tamin'ny Papa sy nivavaka ho an'ny firenena ihany koa tao amin'ny basilique dia alina izahay no niala tany Roma, anio maraina dia tonga aty Atsimo mitokana izao fotodrafitrasa izao* », hoy ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny kabary izay nataony. Namafisiny fa lehibe ny asa mbola hatao ary tsy olana mipetraka ny sakantsakana mety hisy.

**Fitokanana marolafy niaraka tamin'ny vahoaka**

Taorian'ny fitokanana ny RN 9 sy fametrahana vato fototry ny fanamboarana ny tetezan'i Mangoky dia nitsidika tohodrano sy ireo lakandrano ao amin'ny Bas Mangoky ny Filoha Andry Rajoelina. Mahatratra 240 km moa ireo lakandrano ireo ary manondraka tany lemaka midadasika tokoa. Taorian' izay, nitodi-doha ao Toliara izy omaly tolakandro ary nisesy ny fitokanana fotodrafitrasa, ary vory lanona hatrany ny vahoaka. « *Hatramin'ny maraina dia maro ny fotodrafitrasa notokanana. Fa ny tsapako amin' ny lalana rehetra nandehanako dia hoe tia anareo izahay, manohana anao izahay* », hoy izy. Isan'ny notokanany tamin'izany ny birao vaovaon'ny fitaleavamparitry ny polisim-pirenena Atsimo Andrefana. Taorian' izay dia nizotra nitokana ny seranam-piaramanidina tao Akoronga izy. Mialoha io, nandray ny afon'ny lalaon'ny Nosy ny Filoham-pirenena. Ity afo ity izay mitety ireo renivohi-paritany rehetra mialohan'ny lanonampanokafana amin'ny 25 aogositra. Natolotry ny Filoha an'i maître Kira izay mpanao baolina fanta-daza ary zanak'i Toliara moa ity afo ity.

JUDD

Kaominina Sabotsy Namehana

# Nivory nandinika ny tetibola fototra 2024



Ireo mpikamban'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha ao amin'ny kaominina Sabotsy Namehana.

Anisan'ny kaominina miezaka mampihatra ny fitondrana tsara tantana ny ao Sabotsy Namehana. Ahitana taratra izany ny fivoriana notontosain'ireo mpikambana eo anivon'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na « Structure Locale de Concertation » ny alakamisy teo tao amin'ny Espace Anjaratiavina Tsarafara. Anton'izany ny nandinihana sy nakan-kevitra ny tetibola fototra izay hiasana amin'ny taona 2024 miaraka amin'ireo sara sy haba mety alaina amin'izany. Mitentina 1.600.110.268,75 ariary ny sora-bola nakana ny hevitry ny maro an'isa izay avy eny ifotony. Maro ny asa vita teo anivon'ny kaominina Sabotsy Namehana izay tarihan'ny Ben'ny tanàna Atoa Andriamosa Avotraina sy ireo mpikamban'ny Filan-kevitra monisipaly.

JUDD




## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Seces sampana Antananarivo

# Nanohy ny "sit in" sy ny fitakiana ny fialan'ny Minisitra

Nanohy ny "sit in" sy ny fitakiana teny Ankatso ny Seces sampana Antananarivo omaly. Mbola nitohy ny fivorian'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra rehetra teo amin'ny "esplanade"-n'ny Oniversiten'Antananarivo saingy tsy naharitra ela izany satria mbola tsy mivaly ny Bakalorea ka sao hifangaro ny fitakian'ny Seces Antananarivo sy ny Mpampianatra mitaky ny tambin-karamany. Nanamafy hatrany ny Seces Antananarivo fa tokony hametra-pialana ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. *"Nanapa-kevitra ny Seces sampana Antananarivo fa nangataka fihaonana amin'ny eny anivon'ny Prezidansa, eny amin'ny Filoham-pirenena mihitsy aza satria tsy mahatapak' ahitra ny tomponandraikitra eo anivon'ny Minisitera mpiahy. Andrasana ny fahazoana daty amin'ny audience satria efa vita ny fametrahana ny taratasy fangatahana amin'izany"*, hoy ny solonetanan'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra nitafa taminay. Mitohy hatrany Oniversite maty ary tsy hijanona ny fitakiana an'ireo teboka rehetra izay tapaka nandritra ny filankevipirenena nasionaly nataon' ny Seces rehetra farany teo. Raha izao no mitohy ka tsy hanome vahaolana mihitsy ny fitondram-panjakana sy ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa dia mety hiafara amin'ny taona fotsy ity taom-pianarana 2022-2023 ity. Antenaina anefa ny hampiravina ny olana rehetra sy ahitam-bahaolana amin'izao fitakiana izao mba tsy ho sorona ny mpianatra eny amin'ny Oniversitem-panjakana.



Ity ilay kodiarana milaza ny hoe :'' Miala Minisitra''.

**Heriniaina A.**

Ady amin'ny tsifanjariantsakafo

## Nanolotra 2 tapitrisa Dôlara ny QMM

Mifarimbona amin'ny ady amin'ny tsifanjariantsakafo ireo mpiara-miombona antoka. Nanome 2 tapitrisa Dôlara (manodidina ny 9 miliara Ariary) hiatrehana ny krizy ara-tsakafo eto Madagasikara ny orinasa Rio Tinto QMM (QIT Madagascar Minerals). Natolotra ny Unicef sy ny mpiara-miombona antoka aminy rehetra omaly ity fanampiana ity mba hahafan'ireto farany manatanteraka ny fanamby napetraka. Araka ny antontanisa navoakan'ny Unicef dia manodidina ny 500 000 ireo zaza latsaky ny dimy taona tratran'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika any Atsimon'ny Nosy. Ahiana mbola hihamafy ny loza any amin'ity faritra ity noho ny fisian'ny krizy ara-tsakafo any antoerana. Hanampy amin'ny fanatanterahana ireo asa goavana mifandraika amin'ny filân'ny mponina voakasiky ny krizy ity fanampiana ity toy ny asa fanohanana ara-tsaina sy ara-tsôsialy omen'ireo mpiasa nahazo fiofanana ho an'ireo ankizy an'arivony. *« Maniry izahay ny hanome fanampiana tena ilaina ho an'ireo olona sy mponina any amin'ireo faritra voakasika eto Madagasikara ka hanohana ny asa lehibe izay iantsorohan'ny UNICEF sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy eny an-toerana. »*, hoy ny tale jeneralin'ny QMM, David-Alexandre Trembley.


Naneho ny maha orinasa tomponandraikitra azy ny Rio Tinto QMM.

**R. Muray**

YALI Mandela Washington 2023

# Misokatra ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry hisitraka ny vatsim-piofanana

Misokatra ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry hisitraka ny vatsim-piofanana Mandela Washington 2024 izay karakarain'ny Masoivoho Amerikana. Ny Governemanta Amerikana dia manamafy ny fahavononany hanampy ireo andiana tanora mpitarika Afrikana manaraka izay hamolavola ny hoaviny eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana sy ny fitarihana olom-pirenena ary ny fitantanan-draharaham-panjakana eto Madagasikara sy Kaomoro. Ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara sy Kaomoro dia mampahafantatra fa nisokatra tamin'ity herinandro ity ny fisoratana anarana ho an'ireo tanora mpitarika maniry ny hisitraka ny vatsim-piofanana YALI Mandela Washington Fellowship ho an'ny taona 2024. Ity programa ity, izay sangany indrindra amin'ireo vatsim-piofanana YALI hanohanana ny tanora aty Afrika, dia mampiseho ny fanohanan'ny governemanta Amerikana ny tanora Afrikana izay manohana ny fampandrosoana ara-toekarena, manamafy ny fitantanana demokratika ary koa manatsara ny filaminana sy ny fandriampahalemana manerana an'i Afrika. Isan-taona, ny masoivoho Amerikana manerana an'i Afrika dia mifantina tanora mpitarika manana traikefa amin'ny fanatanterahana tetikasa mitondra fiantraikany tsara tao amin'ny fireneny handray anjara amin'ny programa YALI Mandela Washington Fellowship.

**Tanora 700**

Hatramin'ny taona 2014 dia tanora mpitarika 127 avy eto Madagasikara sy Kaomoro no nisitraka ity vatsim-piofanana ity. Tanora Afrikana 700 no hofantenana amin'ity andiany ity. Izy ireo dia hianatra momba ny fahaiza-mitarika mandritra ny enina herinandro any amin'ny oniversite Amerikana ary anisan'ny hiarana amin'izany ny fandraharahana sy ny fitantanana orinasa, ny fitantanana fikambanana sy rafitra tsy miankina amin'ny fanjakana, ary ny fitantanan-draharahampanjakana. Mitohy amin'ny fihaonana an-tampony izay atao any Washington D.C. any Etazonia avy eo ny fiofanana ahafahan'ireo mpandray anjara mihaona amin' ireo tompon'andraikim-panjakana sy mpisehatra avy amin' ny sehatra miankina Amerikana. Aorian'izay dia mbola manohy manatsara ny traikefany ireo tanora handray anjara amin' ny YALI Mandela Washington Fellowship amin'ny alalan'ny fanohanan'ny Departemantampanjakana Amerikana amin' ny alalan' ireo masoivohony ary ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Ny fisoratana anarana sy ny fanazavana fanampiny toy ny antsipirihan'ny fomba fifantenana ireo mpandray anjara miampy ny fepetra takiana dia hita ao amin'ity rohy ity: mwfellows.info/apply. Amin'ny 12 Septambra izao no mifarana ny fisoratana anarana.

**Heriniaina A.**

Lalambe mikodana

## Mitaraina ireo tompon'ny tany voakasika

Maro ireo tanin'olon-tsotra voakasika ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa lalambe mikodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina. Efa tamin'ny volana desambra 2022 no nanomboka ny asa, saingy mitaraina ireo tompon-tany fa mbola tsy naharay ny vidin'ny tany fanonerana mandraka ankehitriny. *"Efa natolotra ny kaominina avokoa ny taratasin-tany rehetra. Nilaza ireo tomponandraikitra fa ny fanaovana tombabidin'ny tany no dingana manaraka hatao. Tsy mbola nisy ny fahatongavan'ny teknisiana nanao ny tombana ny taninay. Nanomboka ny volana novambra tamin'ny taon-dasa no efa norarana tsy hikitika ny taninay intsony izahay. Raha mbola afaka nampiasaina anefa ny taniko dia efa namokatra vary valo gony amin'izao fotoana izao."*, hoy ny tompon'ny tanimbary iray eny Talata Volonondry. Miangavy ireo tompon-tany ny mba hanafainganana ny dingana rehetra mba hahafahana mamoaka ny vola fanorenana amin'ny tanin'izy ireo. Tsiahivina fa mirefy 260 Km ny halavan'ity lalambe mikodana ity izay mamakivaky an'i Sabotsy Namehana, Ambohimanga Rova, Talata Volonondry, ary Andaingo.

**R. Muray**

# Fanamarihana ny faha-40 taona

*Niara-niombona hafaliana ireo mpiara-miasa rehetra teto anivon'ny vondrona Midi Madagasikara.*



